# FAFANA

VELONA HO AN'NY FAFANA FJKM ANKADIFOTSY HAFA

Volana Aprily 2024 - Laharana 245 - Vidiny 1 000 Ariary

“...Soraty ny fahitana, ka ataovy velona tsara ny soratra eo amin’ny Fàfana, ...” Habakoka 2[2]

GAZETY AVOAKAN’NY FJKM ANKADIFOTSY ISAM-BOLANA


## FITANDREMANA ANKADIFOTSY

# 75 lahy, 75 vavy no hofidiana Diakona ny Alahady 14 Aprily

➤ 4,5,8



SARY TAHIRY

FIAINAM-PIANGONANA ➤ 3

## Tontosa ny fandraisantanana ny Mpitandrina Ravaloson mianakavy



FIANJAIKA ➤ 8

## Ny poketra



FINARITRA !

## Manazava ny mpino ny Tompo



Ry havana malala,

Ry Kristiana mpiara-manompo

Ho aminareo anie ny fiadanana.

Arahabaina isika rehetra nahatratra izao Paska fandresena izao. Mandia volana vaovao indray isika dia izao volana Aprily izao. Lohahevitra vaovao indray no iarahantsika mibanjina dia ny hoe “**Manazava ny mpino ny Tompo**.”

Tsy tokony hadinoina fa vao avy nankalaza ny Paska isika fiangonana, trangan-javatra mampisafotofoto ny sain’ny maro izany, maro ny zavatra tsy mazava, manjavozavo, maizina mihitsy aza rehefa mieritreritra ny amin’ity fitsanganan’i Jesoa amin’ny maty ity. Ireo mpianatra aza, izay efa niara-niaina, nahita ireo asa mahagaga sy fampianarana, indrindra ny fampianaran’i Jesoa izay efa nilaza fa *«tsy maintsy hijaly sy ho faty ary hitsangana amin’ny andro fahatelo»*, dia mbola tsy nino, fa nisalasala. Tsy nety nino izy ireo raha tsy nahita famantarana ary fihaonana mivantana tamin’i Jesoa, izay vao nino sy nijoro ho vavolombelona. Ny fanirahan’ny Anjely ireo vehivavy, tonga teny amin’ny fasana ny marainan’ny Alahady Voalohany (Paska) hoe “*Mandehana lazao amin’ny mpianany sy Petera fa mialoha anareo ho any Galilia Izy, any no hahitanareo Azy, araka izay nolazainy taminareo*”. Mark 16:7. Io fihaonan’i Jesoa tamin’ny mpianany any Galilia io no fiaingana vaovao indray, ka hihaonana amin’ireto mpianatra ho fanasany ny marina rehetra ny amin’ny fitsanganany tamin’ny maty sy hanirahany azy ireo amin’ny asa fitoriana filazantsara indray. Koa ny “**Manazava ny mpino ny Tompo**” dia farafahakeliny manome hevitra telo izy :

- Manazava dia midika mampiantra, manoro ny marina, mampahafantatra toy ny mpampianatra manazava lesona amin’ny mpianatra, tena fanazavana hialan’ny fisalasalana sy ny tsy fahalalana.
- ny Manazava dia midika ihany koa hoe manao izay hanazavana ny toerana iray ao anatin’ny haizina na mitondra fahazavana eo amin’ny toerana iray, na koa mitsilo, mitondra jiro na hazavana.
- ny Manazava koa manala ny fanelingelenana rehetra na ny sakantsakana mba hahazava tsara ny toerana maty. Toy ny lalana iray migodana, izay mazava tsara tsy misy sakantsakana.

Izay no kendren’ny fanazavan’ny Tompo ho antsika fiangonana mandritra ity volana ity, ary koa hahatsapantsika fa velona ny Tompontsika, azo antoka ny famonjena antsika, marina ny finoantsika. Finoana velona sy marina ary fanantenana azo antoka no iorenantsika dia i Jesoa Kristy velona mandrakizay mandrakizay. Izy no Tompon’ny tantara sy mpahary ny fiainantsika ary mitondra sy mitahiry ny fiainantsika ka tokony hatoky Azy isika eo amin’ny izay atao rehetra.

***Ny mpitandrina Ravaloson***

FIAINAM-PIANGONANA ➤ 3

## STK HAY KANTO “Tsy resy akory...” ami’ny 13 aprily 2024



## FJKM Ankadifotsy
# Tontosa ny fandraisan-tanana ny Mpitandrina Ravaloson mianakavy

***Fotoan-dehibe no natao teto amin'ny FJKM Ankadifotsy ny 20 sy 24 Martsa lasa teo, tamin'ireo fotoana ireo no nandraisan-tanana ny mpitandrina Ravaloson mianakavy. Samy nisy fanompoam-pivavahana avokoa ireo andro roa ireo.***

Tontosa ny fanompoam-pivavahana fandraisan-tanana ny mpitandrina Ravaloson mianakavy niarahana tamin 'ny Synodamparitany SPIA 19 ny alarobia 20 Martsa 2024 teto amin'ny FJKM Ankadifotsy. Nitarika ny fotoana Andriamatoa Andriananja Joseph Burleigh, mpitandrina avy ao amin'ny birao synodam-paritany. Andriamatoa Rabetokotany Miarilaza Andriamialy, mpitandrina sady Prezida synodaly, no nitondra ny hafatra toriteny ho amin'ny mpino, nalaina tao amin'ny Sal 16:1-11 ka ny andininy faha-8 no navoitra ho amin'ny hafatra, izay hoe *"ny fahatokiana an'Andriamanitra"*.

Voalaza nandritra izany toriteny izany fa mijery antsika foana Andriamanitra, tsy miala amintsika ary eo ambany fiahiany isika. Mitandrema amin'izay atao, fa ny mason'i Jehovah amintsika foana na aiza na aiza. Notsindriany fa tena miaro sy manolo-tsaina Andriamanitra, azo antoka fa tsy hanaotao foana ianao miaraka amin'Andriamanitra. Ka vokatr'izany, dia tsy nangozohozo ianao izany hoe tsy mihontsona amin'ny zavatra marobe manoloana izay ady miseho. Fehiny, misaora Azy fa mbola afaka mijoro tsara amin'ny fanompoana Azy, fa momba anao Andriamanitra.



*Fandraisan-tanana ny mpitandrina Ravaloson ny alarobia 20 Martsa 2024 notronin´ny firahalahian´ny mpitandrina*

**Asa vavolombelona**

Ny synodamparitany Iarivoe Avaradrano SP 19 notarihin'ny prezidà synodaly nandray tanana ary nametraka ny mpitandrina Ravaloson mianankavy teto Ankadifotsy.

Nisy ny fandraisana fitenenana nataon'ny solotenan'ny Komity, ny solotenan'ny fianakaviana ary nisy ny hiraniraisan'ireo firahalahian'ny mpitandrina, katekista délégué, niarahana tamin''ny mpit'drina Ravaloson.

Tsy adinoina ihany koa ny fandraisana anjara hira nataon'ny mpitandrina Ravaloson mianakavy, niarahany nihira tamin'ireo mpino teo an-toerana sy ireo vahiny nasaina.

**Ireo tetikasan'ny Mpitandrina Ravaloson**

Nandray anjara fitenenana ny mpitandrina Ravaloson, nanazava tamin'ny fiangonana ny sori-dalana hitandremany ny fiangonana.

"*Ataoko eo anatrehako mandrakariva Jehovah, fa eo an-kavanako Izy ka dia tsy hangozohozo aho.*" Sal 16:8. Izany no teny faneva hijoroan'ny Mpitandrina Ravaloson, ho entiny hitarihina ny fiangonana hiaina ireo asa hiarahana manatontosa eto amin'ny Fitandremana FJKM Ankadifotsy.

Hilofosantsika fatratra hoy izy ny fitaizam-panahy araka ny sitrapon'Andriamanitra, amin'ny alalan'ny fanompoam-pivavahana, ny Toriteny, ny fampianarana sy fampiofanana ireo Sampana, Sampan'asa, Asa Fikambanana ary vaomiera maro samihafa. Amin'ny alalan'ny famangiana isan-tokantrano ary amin'ny fahaizantsika mampiasana ny teknolojia eto Ankadifotsy.

Soritana mazava ny zotran'ny lalan'ny fiombonana ho fanamafisana ny vinan'ny fiangonana "velona ho an'ny hafa" ezahana ny fitodihana amin'ny Asa iombonana izay efa atao rahateo. Hamafisina ny tetik'asa fanarenana ireo anjorombala, ny madiniky ny Tompo.

Hifantohana ny Asa fitoriana filazantsara hiarahana amin'ireo SSAF ary vaomiera.

Hamafisina ny fiaraha- miasa sy fanohanana ny sekoly IFR, izay anisan'ny mampihavaka antsika eto Ankadifotsy, mba hahazoana mihazona ny lentan'ny fiangonana.

Hifantohana ny fanitarana sy ny fikojana ny fotodrafitrasa efa misy eto amin'ny fiangonantsika.

**Asa notanterahan' ny komity**

Notolaran'ny fiangonana *"angady*" ho entina miasa ny mpitandrina tamin'ny alalan'ireo komitin'ny Fandraisan-tanana. Fiara ho entiny manatanteraka ny iraka ampanaovin'i Jesoa Kristy Tompo eto anivon'ny Fiangonana izany hoy izy ireo ankoatry ny fitafiana natolotra azy mianakavy. Tolo-tanana sy rakitra fahatelo no nentin' izy ireo nanatontosana ny asa rehetra.

**Fiombonam-piainana**

Nofaranana tamin'ny fiarahamisakafo tamin'ireo vahiny nasaina sy ireo mpitandrina avy amin'ny fitandremana samihafa ary ny birao synodam-paritany ny fotoana. Teny amin'ny sekoly IFR no nanatontosana izany hetsika izany. Ny mpanatalenta zanaky ny fiangonana no nanafana ny korana.

**Fandraisan-tanana niarahana tamin'ny mpianankavin'ny finoana**

Nitohy ny alahady 24 Martsa 2024 ny fandraisan-tanana ny mpitandrina Ravaloson mianakavy teto amin'ny FJKM Ankadifotsy. Io fotoana io ihany koa no natokan'ny fitandremana Ankadifotsy ho taombaovaon'ny fiangonana.

Tsy toy ny mahazatra ny fanoloran-tena ho amin'ny fanatitra tamin'ity alahady ity, fa naterina teo amin'ny alitara sady niarahaba ny mpitandrina mivady ho mariky ny fandraisan-tanana amin'ireo mpianakavin'ny finoana, narahina fizarana fahatsiarovana. Taorian'izay dia nisy ny fandraisana fitenenana nataon'ny solotenan'ireo komity, sy ny mpitandrina Ravaloson.

Nofaranana tamin'ny fiarahamisakafo tao an-tranon'Andriamanitra ny fotoana narahina fizarana mofomamy.

***Ianja R.***

## FJKM Andramahavola
# Liana amin'ny fianarana mamaky Soratra Masina

Vita ny sabotsy 23 Martsa 2024 teo ny fampiofanana famakianteny ho an'ny FJKM Andramahavola Vato Fehizoro synodamparitany Antananarivo Andrefana. 28 mianadahy ireo mpiofana nanatrika izany, nanomboka ny sabotsy 10 Martsa 2024 niarahana tamin'ny Mpamakiteny Ankadifotsy.

Vita avokoa ny lesona rehetra ary tsapa tamin'izany fa liana ny amin'ny hisian'izany Fikambanana izany izy ireo. Maro ireo solotenan-tsampana niofana ary ny vaomieran'ny hazakazaka masina eo anivon'ny Fiangonana.




*Ireo mpiofana Mpamakiteny FJKM Andramahavola Vato Fehizoro*

Resy lahatra izy ireo fa misy fiantraikany amin'ny aim-panahin'ny mpivavaka tokoa raha voavaky : Marina, Miaina, Mazava ny Soratra Masina. Voalazan'Atoa Razafindrakoto Velonjanahary Herizo, filohan'ny vaomieran'ny hazakazaka masina, fa 3 lehibe ny fotokevitra niaingan'izy ireo dia :

- ny fianarana mamaky Baiboly
- ny vinan'ny FJKM Vontosy Filazantsara ny nosy Madagasikara, Filazantsara manova ny tantara
- ny mbola ho firenena kristianina ihany i Madagasikara amin'ny taona 2118.

Lany tamin'ny fivorian'ny mpiofana, natrehan'ny biraompiangonana tamin'ny alalan'ny tsangan-tanana, ny rafitra Mpamakiteny eo anivon'ny Fitandremana. Maniry hanohy ny fiaraha-miasa amin'ny Mpamakiteny Ankadifotsy ireo mpiofana.

***Rojo Ramaro***

## FAHASALAMANA
# Trouble du Déficit de l'Attention avec Hyperactivité (TDAH)

Fantatrao ve ny "TDAH" na ny "Trouble du Déficit de l'Attention avec Hyperactivité "? Ny TDAH dia aretina iray mety hahazo ny zaza sy ny ankizy ary manana ny mampiavaka azy. Ny ankizy iray misy io aretina io dia: HYPERACTIF na tsy mahatombona amin'ny toerana iray izay ametrahana azy, IMPULSIF na tsy mahafehy ny tenany, ary ny tena manandanja dia ny INATTENTION na ny tsy fifantohana.

Vokatr'ireo teboka telo ireo, dia betsaka ny fiantraikan'izany eo amin'ny fiainana andavanandron'ilay ankizy tratran'io aretina io, toy ny fikarakarana vatana irery (miakanjo, misasa.....). Izany hoe raha adika, dia tsy mahavita sy tsy mahaleotena mikarakara vatana irery ilay ankizy. Eo ihany koa ny tsy fifantohana tsara any amin'ny toeram-pianarana, ka miteraka tsy fahombiazana matetika. Ny fananana fifandraisana tsara amin'ireo ankizy hafa ihany koa, dia mety ho voaelingelina vokatr'ilay "hyperactivité".

Azo arahina tsara anefa ny ankizy misy TDAH ary isan'ireo manana traikefa amin'izany ny "ergothérapeute" izay manampy tsara azy ireny mba hananany fifantohana maharitra ela sy hanarahany baiko izay omena azy amin'ny zavatra izay ataony rehetra. Eo ihany koa ny fanalana ilay "comportement négatif" tsy mahatombona.

Ny tanjon'ireo ergothérapeutes, dia ny hahatonga ny ankizy misy TDAH hahaleotena eo amin'ny fanatontosana ireo asa aman-draharahany amin'ny fiainana andavanandro sy ny fianarany ary ny hampiatiana "inclusion" azy ireo eny anivon'ny fiaraha-monina.

***Rado RAKOTOMALALA***


# AROVY NY TONTOLO IAINANA
## 2. HERINARATRA SY ANGOVO



*Esory ny fitaovana tsy ampiasaina*



*Vonoy ny jiro ao an'efitra tsy misy olona*




*Ianaro ny fanodinana ny fako ho lasa "biogaz"*



*Miezaha mampiasa arina fandrehitra maharitra kokoa sy miaro ny tontolo iainana na « charbon vert »*

***Nanangona : Fanja Raveloarijaona***

## TSY HARITRA
# Iza no ao ambadiky ny sary ?

Nomen'Andriamanitra talenta ny zanak'olombelona, hahay hamorona sy handrafitra zavatra samihafa, mahavariana.




Ity sary iray ity dia anisan'ny mba nanaitra, ka mahatonga ny gazety Fafana hizara azy aminao. Sary maneho zavaboahary any ampita any izy ity, tanàna, hazo maniry, samy rakotry ny ranomandry (neige) avokoa, satria sary maneho andro ririnina mangirifiry any amin'ny tany mangatsiaka. Sary tsotra, mahazatra ary fahita andavanandro izany. Kanefa raha somary akimpinao kely ny masonao roa rehefa mijery azy, dia sary hafa indray no avoakan'izany. Toa TSY HARITRA, koa andramo àry.

(valiny : sarin'i Hitler)

***RH***

# STK Hay Kanto
# "Tsy resy akory…" amin'ny 13 Aprily

***Toy ny fanaony isan-taona dia hampiseho ny talentany indray ny mpikambana ao amin'ny STK Hay Kanto ny 13 Aprily izao etsy amin'ny Tranompokonolona Analakely. Ho avoitra amin'izany hetsika izany hatrany ny fitiavan-tanindrazana.***

Seho an-tsehatra, hahitana tantara sy hira ary dihy, izay mifono sy maneho Fitiavan-tanindrazana.

Moa va fantatrao fa efa nivonona sy nanana paikady ary fitaovam-piadiana nentina nanoherana sy nanakanana ny Frantsay ny miaramila Malagasy, ary efa nananika ny Rova izy ireo ho fiarovana azy? Nahoana àry no saina fotsy no nitsangana tao Manjakamiadana?

Ny tantara niseho ny 30 Septambra 1895 no entina hamaliana ireo fanontaniana ireo, ka hanehon'ny STK Hay Kanto ho anao amin'ny alalan'ny seho an- tsehatra nampitondrana ny lohateny hoe : « *Tsy resy akory…* »

Seho an-tsehatra ahitana tantara, hira sy dihy ary hiavaka amin'ny rindra sy ny haingontsehatra mba ho fanehoana tanteraka ny Fitiavan-tanindrazana.



*Miavaka hatrany ny fianjaikan'ny STK Hay Kanto rehefa miaka-tsehatra tahaka izao*

Vonona tanteraka ireo tanoran'ny Hay Kanto hanome ny tsara ary hampiaina anao ao anatin'izany fampahafantarana ny tantaram-pirenentsika izany.


Manasa anao àry ny sabotsy 13 Aprily 2024 amin'ny 2ora sy sasany eny amin'ny Tranompokonolona Analakely, ka hanohana azy ireo amin'ny fandraisana anjara amin'ny tapakila 15.000 Ariary monja ny tapakila tsotra, ary 30.000 Ariary kosa ny famandrihan-toerana.

*Rado RAKOTOMALALA*

## Sampana Sekoly Alahady
# Niara-nidera ny Tompo tamin'ny Tanora Masina Itaosy

Tontosa tamim-pifaliana tanteraka ny hetsika fiderana ? nokarakarain'ny sampana Sekoly Alahady ny 24 Martsa tamin'ny 3 ora tolakandro, izay sady Alahadin'ny sampan-drofia, ary nitondran'ny mpitandrina Ravaloson ny fampianarana, izay nalainy tao amin'ny Filazantsara araka ny Mar 11: 1- 11, teo am-panombohana ny fotoana. "I Jesoa tsy misehoseho, fa mandamina ny zavatra rehetra, Izy ilay Mpanjaka, Izy ilay Mesia. Izy ilay fiadanana, Jerosalema: ny foko sy ny fonao no tian' ny Tompo hidirana "*salema*".

Fanirahana ireo mpianatra haka zana-boriky: atolory ny tenantsika ho an'ny Tompo, atokany hanompoana Azy.



*Sekoly Alahady sy ny Tanora Masina Itaosy*

**Famelarana ny lamba :** Izy no Mpanjaka, ny fiainanao iray manontolo dia fiderana. Ekeo fa Izy no Mpanjaka sy Mesia ka hitondra fiadanana eo aminao.

Taorian'izay dia nijoro ny biraon' ny sampan, ka nandray fitenenana ny filoha Atoa Rakotovao Rija Nivoson. "Ny tanjona, hoy izy, dia ho fanavaozana, fanatsarana ny dabilion'ny zokiolona, izay tsangambaton'ny faha-125 taonan'ny sampana ihany ka nanatanterahana ilay teny hoe : "*aza mba manadino ny ray sy reninao"* (FFPM 760).

Fiderana niarahana tamin'ny Tanora Masina Itaosy, ary nandraisan'ny Safif, tarika Andry, SVM anjara ihany koa. Tonga maro ny olona niara-nidera ny Tompo, nisy ny fijoroana vavolombelona sy fanentanana nataon' ny Tanora Masina Itaosy. Hita soritra teny amin'ny olona ny hafaliana.


Ankoatra izay, ny sampana Sekoly Alahady dia nanatanteraka ny fifidianana ny birao vaovao ny 17 Martsa lasa teo.

*Malala Andriniaina*

## SAaff FJKM
# Nitohy teny amin'ny FJKM Amboditsiry Mifankatia

Toy ny fanao isaky ny zoma mialoha ny faran'ny volana, dia misy ny hetsika Santatra izay karakarain'ny SAaff FJKM ao anatin'izao jobily faha-50 taona izao. Ny zoma 22 Martsa 2024 no nifamatoana ho amin'izany ny mpianakavy teny amin'ny FJKM Amboditsiry Mifankatia, notronin'ireo Birao SAaff, ny Tonian'ny Departemanta Fiangonana, ny Tale Aff ary ny mpiandraikitra foibe sy ny mpitandrina tao an-toerana.

Nialoha ny hirosoana tamin'ny antsan-kira sy fampianarana, dia nisy ny fotoam-pivavahana notarihan'ny mpitandrina Amboditsiry Mifankatia Raveloson Lucien James. Ny hafatra ho an'ny SAaff avy amin'ny mpitandrina, dia hanavao ny fiangonan'Andriamanitra anatin'izao Jobily izao. Taorian'izay dia Andriamatoa Ramamonjiarisoa Robert, mpitandrina, no nitondra ny fampianarana, "*araraoty izao taom-jobily izao*". Fiaingana vaovao ny Jobily, ka avotsotra daholo ireo trosa rehetra, averina amin'ny laoniny izay tsy nety rehetra.



*Ny SAaff FJKM teny amin'ny FJKM Amboditsiry Mifankatia*

Ny nitondra fampianarana manaraka dia ny Tonian'ny Departemanta Fiangonana Robson Rado Lalaina, mpitandrina, ka nampianarany fa fanomezana avy amin'Andriamanitra ny Jobily, fahefana tsy azo lavina.

Ary namarana ny fampianarana ny mpiandraikitra foibe Mpitandrina Zo Nantenaina. Ny azy kosa dia nanamafisany fa mitsoka anjomara atao henon'ny olona izany taom-jobily izany. "Koa ataovy ren'ny olona rehetra izao taom-jobily AFF izao".

Noravahan'ireo antoko mpihira samihafa izay nasaina, ny fampianarana, ka tao ny Afi avy eny FJKM Itaosy, ny Galaf avy ao amin'ny FJKM Andravoahangy Fivavahana, ny Feo Mamantonalina, ny Antoko Mpihira Fifohazana S'arona avy ao FJKM Imeritsiafindra Fiderana ary namarana azy, ny antoko mpihira Aff avy ao FJKM Amboditsiry Mifankatia.

Ny fotoana SAaff manaraka indray dia ny zoma 26 Aprily 2024 eto amin'ny FJKM Ankadifotsy.

*Ianja Razaka*

## 55 taonan'ny Dorkasy
# Ny FJKM Kamafa no nampiantrano

Vita soamantsara ny fihaonambe fankalazana ny faha-55 taonan'ny Dorkasy sy ny faha-25 taona ny TABITA natao tany Antsirabe ny 08 hatramin'ny 10 martsa 2024 teo. Ny fiangonana FJKM Kamafa no nampiantrano izany.

20 mirahavavy no nisolotena ny sampana Dorkasy FJKM Ankadifotsy tamin'izany ka ny teny faneva dia "Fiadanana ho anareo", Jaona 20/21.

Fotoam-pivavahana sy fampianaram-pinoana nampiainana ny mpivory rehetra ny dikan'ny hoe « fiadanana » ka mba hiaina amin'ny fiadanana no natao tamin'izany. Ny zoma sy sabotsy ary ny alahady, natomboka tamin'ny diabe niainga teo amin'ny gara hatreny amin'ny fiangonana FJKM Kamafa ary nofaranana tamin'ny fanompoam-pivavahana.




*Fihaonamben'ny Dorkasy tany Antsirabe*

## Toeram-pihainoana
# Fanasitranana ifotony mba hahay hitia amin'ny fomban'i Jesoa Kristy

Fifaliana tokoa ny niara-nidera tamin'ny Antokompihira Hosana Ambohijatovo Fitiavana ny alahady 03 Martsa 2024 lasa teo. Izany hetsika izany dia notanterahana teto amin'ny FJKM Ankadifotsy tamin'ny alalan'ny Sampan'Asa Fitoriana ny Filazantsara. Izany dia tao anatin'ny Vinan'ny sampana iarahana amin'ny fiangonana : *"Velona ho an'ny Hafa".*

Nanohana ny fangatahan'ny Orinasa Bout de Chemin ny AFF noho ireto antony 3 manaraka ireto:

1/Noho ny antom-pisian'ny Orinasa : Fanampiana ny olona amin'ny fanasitranana izay tena ilain'ny Mpitory Filazantsara raha tena tiana hikoriana sy hipaka any amin'ny olona toriana ny Fitiavan'i Jesoa Kristy.

2/Noho ny filana fototra ilaina amin'ny Fitoriana Filazantsara amin'ny fanehoana toetra manahaka an'i Jesoa. Matetika isika mpitory dia malaza masiaka, manery, tsy manana fo antra, sns. Na dia tsy isika rehetra aza izany. Ilaina tokoa ny mandray an-tanana ny fihetseham-po ao anatin'ireny fijerin'ny hafa antsika ireny mba tsy hanaovana hetsika tsy voafehy.

3/Noho izay fiaraha-miasa akaiky amin'ny sampana ato amin'ny fiangonana izay: tanora, mpivady, mpampianatra, mpitarika izay mitaiza sy manolokolo ka mila ny fiovam-pijery sy fanasitranana ifotony mba hahay hitia amin'ny fomban'i Jesoa Kristy ary mametra-pahefana ampitiavan'i Jesoa Kristy.

Koa izany hetsika izany no natao mba ho fananganana ny toeram-pihainoana, izay afaka hanofanana sy hananganana olona amin'ny lafin'ny fihainoana. Ny toerana handraisana olona dia misy, fa mila fanamboarana goavana mba ho azo handraisana olona. Izany "*Levée de fonds*" izany dia atao mandritra ity taona 2024 ity.

Ny Tompo anie hampitombo ny fahatsapantsika ny hamamin'ny fahalalantsika ny maha isika antsika eo amin'i Jesoa Kristy izany, ka hananantsika fiadanampo sy fifaliana, izay tsy hain'izao tontolo izao horaisina ka handraisantsika tsy ampisalasalana ny ANTOM-PISIANTSIKA. Izany no mahatonga ahy sy anao ho Filazantsara mivelatra hitondra fahazavana eto amin'ity nosintsika izay tena mila izany hatsaran'i Jesoa Kristy miposaka ao aminao ity.

*Nini RATSIMATAHOMANANA*

FJKM Salof Edena

FIKARAKARANA voninkazo

**Ireo tompon'anjara amin'ny fikarakarana voninkazo volana Aprily 2024 ity :**
- **06 Aprily: groupe 16**
- **13 Aprily: groupe 17**
- **20 Aprily : groupe 18**
- **27 Aprily : groupe 19**

Nanangona Malala Soa

# 75 lahy, 75 vavy no hofidiana Diakona ny Alahady 14 Aprily

**75 lahy sy 75 vavy no ho fidiana hanao ny raharaham-panompoan'ny Diakona eto amin'ny fitandremana Ankadifotsy. Ny alahady 14 aprily no fifidianana, aorian'ny fotoam-pivavahana tokana hanomboka amin'ny 7ora maraina. Ny mpandray voasoratra anarana, mitondra karatra misy sary sy fitomboka no afaka mifidy. Hoy ny Soratra Masina : "*Ny diakona koa toy izany ihany, ho maotona, tsy miroa teny, tsy tia divay be, tsy tia harena maloto, mitandrina tsara ny zava-miafina ny amin'ny finoana amin'ny fieritreretana madio. Ary aoka hizahan-toetra ireo aloha, dia vao hanao ny asan'ny diakona izy, raha tsy manan-tsiny.*" I Timoty 3 : 8 - 10**
**Indreto ary ny lisitr'ireo nirotsaka hofidiana :**

## Ireo kandidà diakona vehivavy

1 ANDRIAMADY Hasinarimanana Hanitriniaina
2 ANDRIAMAHAROSOA Onja Tiana
3 ANDRIAMANAMIHAJA Holy Harivelo
4 ANDRIAMANANONY Nirina Henintsoa Christiane
5 ANDRIAMISE Lakoarisoa
6 ANDRIANARIJAONA Olimalala Livaharisoa
7 ANDRIANARISON Fy Lovatiana
8 ANDRIANARIVELO Nasolo Christiane
9 ANDRIANARIVELO Nathalie Malala
10 ANDRIANIRINA Francia Fanja
11 ANDRIANORONJAKA Harimampianintsoa Hantaniaina
12 ANDRIANORONJAKA Harimbola Nathalie
13 ANDRIATSARAFARA Mialy Manohy Seheno
14 GALAIS Chantal Victoire
15 HARIMAMPIONONA Tolotra Nomenjanahary
16 LALAOHANTARISON Mbolatiana Véronique
17 LANTONIAINA Sarah Mary Anne
18 MALALAHARISOA Voahirana
19 MALALANIRINA Iony
20 MANDAHARINARIVO Harimaholy Antsa Fanomezana
21 R'ABEL RASENDRALALAO Hantanoro
22 RABEMIHOATRA Rasolonjatovo Hanitriniaina
23 RABESA Sylvia Haingovololoniarivo
24 RAFARASOA Haingotiana Veroniaina
25 RAHANITRINIAINA Vero
26 RAHANTAHARINORO Josiane Josoatiana
27 RAHARIMBOLAHARISOA Volasoa
28 RAHARINIRINA Herisoa Michèle
29 RAHARINOSY RANARY Lala Harisoa
30 RAHARIVOLOLONA Niralalao
31 RAHOLINJANAHARY Harimbola Tiana
32 RAJAOBELINA Mirana Patrice Harivola
33 RAJAONARIVELO Farasoa Lucette
34 RAJERIARIARINALINA Razafimahefa Verohanitra Tina
35 RAJERISON Haingo
36 RAJOSEFASOANIRINA Harimalala
37 RAKOTOARIVELO Tojo Hery
38 RAKOTOARIVONY Felanasoa Mirana
39 RAKOTOBE ANDRIAMIFIDY Miora Liantsoa
40 RAKOTOBE Nirisoa Mialiarimanga
41 RAKOTOHARIFETRA Razafindrajery Nalivololona Dimbilalaina
42 RAKOTOHARIFETRA Rindra Hanitriniony
43 RAKOTOMALALA Linjasoa Nantenaina
44 RAKOTOMALALA Raharinjanahary Hanitra
45 RAKOTONDRABE Mamy Niaina
46 RAKOTONDRAINIBE Nirina Léa
47 RAKOTONDRAMISA Lahatra Fenomiarisoa Holiarivahatra
48 RAKOTONDRANAIVO Holiarivao
49 RAKOTONIAINA Rasoarimanana Nirinasoa
50 RAKOTO-NIRIANA Landy Harivony
51 RAKOTONIRINA Soarindrano Fanja
52 RALAMBOSOA Tiana Voahirana
53 RALISON RAKOTOARISON Bodonirina
54 RAMAMONJISOA Lantovololona Bodomahefa
55 RAMANANARIVO Carine Yvette Meng-Thue
56 RAMANANJANAHARY Haingo Faravololona
57 RAMAROKOTO Ravelomanantsoa Lucia Emilie
58 RAMIADANARY Norosoa Fanantenana
59 RAMIARAMANANA Zoé
60 RAMISASOA Viviane Elia
61 RANAIVOANDOLALAINA Domoina
62 RANAIVOARISOA Hajanirina Elisabeth
66 RANDRIANASOLO Sandrine Minomiasa
67 RANDRIANOELISON Holiarisoa
71 RANJASON Hoby Nirina
72 RANOROVOLOLONA Voahangy Francette
76 RASOAMIARAMANANA Marie Irène
77 RASOANAIVO Vahiniaina Anna

63 RANAIVOARIVELO Haingomanana F
64 RANDRIANANTENAINA Hary Soalalaina
65 RANDRIANANTENAINA Lalanandrianina Nivosoa
68 RANDRIATSARAFARA Rova Mialy Fanantenana
69 RANDRIATSARAMBOLOLOMANANA Mavoarisoa Veromanitra
70 RANIVOHARINOHATRA Fanjamalala
73 RASATANDRIANOMBANA Ramiarana Vonimbolanivo Masiarivelo
74 RASOAMANANA Verohanitriniaina Claudine
75 RASOAMANARIVO Fanjaniaina
78 RASOANAIVOSON Vololonirina Lucienne
79 RASOARIMALALA Honorine
80 RASOAZANAKOLONA Jerison

81 RATEFIARIJAONA Lala Armandine
82 RATOMPOALINORO Patricia Michèle
83 RATOVELO Voahangy
84 RATSIMATAHOMANANA Nivoalisoa
85 RATSIMBA RAZANAMAMPANDRY Rova Narindra
86 RAVALISON RANDRIANANTOANDRO Hanta Nirina Rachelle
87 RAVALISON Tomponizao
88 RAVAOARISOA Nirina Bakovololona
89 RAVAOARISOA Vero Hanitra Samuelson
90 RAVELOJAONA RAVOSSON Miora Nirina
91 RAVELONARIVO Rabodomalala Voahirana
92 RAVOHALISOA RAKITRINIELA Nivo Anjara Aina
93 RAVOLOLOMIHAJA Malalanirina Verohanitra
94 RAVOLOLONIAINA Tolotra Mbolanirina
95 RAVOLOLONIAINAHARIMANANA Sahondra Sylvie
96 RAZAFINANTOANINA Miarisoa Tendry
97 RAZAFINDRADOFA Holinjiva
98 RAZAFINDRAKOTO Lalaina
99 RAZAFINDRAMANANA Herisoanirina
100 RAZAFINDRATSIMBA Nampoina Sandinirina

101 RAZAIFARATIANA Soherina
102 RAZAKAMANANTSOA Sandra
106 VOLOLOMBOAHIRANA Sombiniaina
107 VOLOLONIRINA Lalao
103 RAZAKASOLO Faramalala
104 RAZANAJOELINA Hanitra
105 SIMON Soanirina Lovamalala

# Ireo kandidà diakona Lehilahy

1 ANDRIAHARIANJA Hugues Elvit
2 ANDRIAMAHATRATRA Samoelinarivo
3 ANDRIAMAMPANDRY RABE Niaina
4 ANDRIAMANALINA Ando Nirina
5 ANDRIAMANIVO Andriamiadana Dadà Harison
6 ANDRIAMIARIMBOLA Hasina Olivier
7 ANDRIANALY Herilalao
8 ANDRIANANJASON Laza Hery Zo
9 ANDRIANATOANDRO Rija Fanomezana
10 ANDRIANJAKA Mahefarisoa
11 ANDRIANOME RANAIVO Kiady Nirina
12 ANDRIANORO Haingo Nantenaina
13 ANDRIANTIANA Famantanantsoa
14 ANDRIARIMINO Eugène Anthony
15 ANDRYLALAINA Ramiaramanana
16 HAJA ANDRIANASOLO René
17 HERINIAINA Roger Andrianarivelo
18 NY ANDRY Andriamavo
19 RABEDAORO Fidy Alain Parfait
20 RABEONY Hasimbolamena Rakotosalama

21 RADERASON Hery Andriatiana
22 RAJEMISON Jaona Andrianaivo
23 RAJERIARINALINA Avotriniaina
24 RAKOTOARIMALALA Andriniaina Tahina
25 RAKOTOARIVONY Andrianarivony
26 RAKOTOBE Andriantsitohaina Rijandrainy
27 RAKOTOBE Diary Mampianina
28 RAKOTOHARIFETRA Riana Henintsoa
29 RAKOTOMAHEFA Fidy
30 RAKOTOMALALA Rivoniaina Rija
31 RAKOTOMALALA Rivoniantsa Feno Hasina
32 RAKOTOMAVO Ely Harijaona
33 RAKOTONAVAHY Rado Andriatiana
34 RAKOTONDRAZAFY Nantenaina
35 RAKOTONDRAZAH Eudes Agan
36 RAKOTOSON Rija Niaina
37 RAKOTOVAO Rija Nivoson
38 RAKOTOVOLOLONA Lala Lovatiana Fanomezantsoa
39 RAKOTOZANANY Solotiana Ludovic
40 RALISON Dera

→ Pejy 8 ny tohiny

## Rankizy o !

**Mba tsapao hoe ny fahalalanao ny Soratra Masina.**

*Tsipiho izay anaran'ireo olona voalazan'ny Soratra Masina fa nijanona teny amin'ny manodidina ny hazo fijalian'ny Tompo rehefa nohombona Izy amin'ireto : Simona –Dimitrio-Andrea-Josefa avy any Armatia-Jakoba-Josto-Jaona-Plato-Filipo-Barnabasy-Bartolomeo-Stefana-Levy-Timoty-Tomasy-Jakoba zanak'i Alfeo-Barnabasy-Simona Zelota-Lioka-Jodasy zanak'i Jakoba-Marka-Jodasy Iskariota.*

**Valiny : Simona – Andrea - Jakoba - Jaona - Filipo - Bartolomeo - Levy - Tomasy - Jakoba zanak'i Alfeo - Simona Zelota - Jodasy zanak'i Jakoba - Jodasy Iskariota**

## Ankamantatra

Nantsona tao amin'ny nosy atao hoe : Melita izahay rehefa vaky ny sambo nitondra anay raha ho any Roma, nokaikerin'ny biby ny tanako avy eo ka noeverin'ny mponina tao fa olon-dratsy aho noho izany, anefa narovan'Andriamanitra ka tsy narary aho na maty tamin'izany. Ny Asan'ny Apostoly toko faha-28 no mitantara izany tantarako izany. Iza ary aho?

**Valiny** : Paoly Apostoly

# Dian- tongotra roa

Ny tantara voarakitra ao amin'ny Hosea no hahatsiarovantsika fa tian'Andriamanitra ny zanak'Israely, na dia mpijangajanga sy nahagohy Azy aza. Nandray andraikitra tanteraka ny Tompo, toy ny Raiamandreny mampianatra ny zanany handeha, sy mitrotro azy. Ity misy tantara kely hanamafisana izany.



Mandehandeha eny amorom-pasika i Jesoa sy ity lehilahy iray. Izao no tsapan'ilay rangahy: Tsaroany fa miaraka aminy eny amorom- pasika i Jesoa amin'ny fotoam-pifaliana rehetra, ary hitany eny amin'ny tora-pasika ny diantongotra roa izay inoany fa ny iray azy, ny iray kosa an' i Jesoa Kristy ilay Mpamonjy azy. Tsaroany kosa anefa fa rehefa amin'ny fotoam-pahoriana: avy ny orana, mitsoka mafy ny rivotra, manonja be ny ranomasina,... dia tsy hitany teny intsony i Jesoa satria dian-tongotra iray sisa no eny amin'ilay torapasika izay inoany fa azy…

Niresaka tamin'i Jesoa ilay rangahy indray andro : "*Tena manary ahy amin' ny andro sarotra Ianao Jesoa ô! hoy izy, rehefa amin'ny andro fifaliana, mibaliaka ny masoandro,... Indro fa eny Ianao, ary hitako ireo diantongota roa eny amin'ny tora- pasika nalehantsika, fa rehefa injay tojo fahasahiranana aho, ka maloka ny andro, tsy hitako intsony ilay dian-tongotrao*".

Marina amin' ny ampahany ny teninao anaka, hoy ny Tompo namaly ilay rangahy *"fa izao no marina"*. Tamin'ny andro fifaliana sy firavoravoana dia N**OTANTANAKO** ianao, izany no nahitanao ilay dian-tongotra roa teo amin'ny fasika, fa tamin' ny andro fahoriana sy fizahan-toetra kosa dia **NOTROTROIKO** ianao, tsy nitehin-tany akory ny tongotrao. Koa tsy dian-tongotrao akory no hitanao fa ny AHY. Niaiky ilay rangahy ary nisaotra an'i Jesoa izy.

Tia anao Andriamanitra, mitantana ny tananao ankavanana Izy fa ianao no nanifika ny tanany indraindray. Mitrotro anao Izy, fa ianao no tsy nahatsiaro izany satria ny olana sy ny fanahiana no mavesatra ao aminao.

"*Fa Izaho no nampianatra an'i Efraima handeha. Eny, notrotroiko tamin'ny sandriko aza izy*". (Hos 11: 3)

***Nalaina tao amin'ny boky Maha- SALAMA TSARA***

## Teny Miafina

| | | | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | | | | | | | | | | | | | | | |
| 2 | | | | | | | | | | | | | | | |
| 3 | | | | | | | | | | | | | | | |
| 4 | | | | | | | | | | | | | | | |
| 5 | | | | | | | | | | | | | | | |
| 6 | | | | | | | | | | | | | | | |
| 7 | | | | | | | | | | | | | | | |
| 8 | | | | | | | | | | | | | | | |
| 9 | | | | | | | | | | | | | | | |
| 10 | | | | | | | | | | | | | | | |
| 11 | | | | | | | | | | | | | | | |
| 12 | | | | | | | | | | | | | | | |
| 13 | | | | | | | | | | | | | | | |
| 14 | | | | | | | | | | | | | | | |
| 15 | | | | | | | | | | | | | | | |
| 16 | | | | | | | | | | | | | | | |
| 17 | | | | | | | | | | | | | | | |
| 18 | | | | | | | | | | | | | | | |
| 19 | | | | | | | | | | | | | | | |
| 20 | | | | | | | | | | | | | | | |

1- na teny folon'Andriamanitra 2- sarotra ny hidirany amin'ny fanjakan'ny lanitra. 3- naka fanahy ny Tompo ao amin'ny Jao. 16. 4-tamin'ny fiovan'i Jesoa tarehy, teo koa... 5- natsangan'i Petera tamin'ny maty. 6- mifalia amin'ny... (Rom. 12). 7- fiantombohan'ny Sal. 29 8-loza ambaran'i Mika hanjo an'i… 9- fihetsem-pon'ny Tompo nahita ny vahoaka. 10-... morà tahaka ny... (Mat. 10. 16). 11- Jesoa nitokana nivavaka tany…. 12- fampianarana voatolotry ny razana tsy najain'ny mpianatry ny Tompo. 13-nodidin'i Jehovah hataon'i Mosesy. 14- na noharan'i Jesoa ny finoana (Mat. 17). 15- nanoratan'i Jehovah ny teny 10. 16- dintikazo manitra vita amin'ny… . 17- nentina teo amin'i Jesoa. 18- Jesoa andeha hanamboatra… 19- voatendry ho mpaminany hatrany ankibon-dreniny.20- zanak'ondry tsy misy kilema hatao fanatitra.

***Fifiav***

**Valiny :**
1. Vavolombelona - 2. Manan-Karena - 3. Fariseo Sadoseo - 4. Mosesy sy Elia - 5. Dorkasy - 6. Fanantenana - 7. Manomeza - 8. Samaria sy Joda - 9. Honena - 10. Voromailala - 11. Tendrombohitra - 12. Fanasan-tanana - 13. Tabernakely - 14. Voan-tsinampy - 15. Vatofisaka - 16. Akasia - 17. Zazakely - 18. Fitoerana - 19. Jeremia - 20. Iray Taona

## Isa ao amin' ny Baiboly

**Omeo hoe firy no isan'ny :**

1- mpianatra nahita ny fiovan-tarehin'i Jesoa tany an-tendrombohitra................................
2- miangona amin'ny anaran'ny Tompo dia eo afovoany Izy..............................................
3- andro hihinanana ny mofo tsy misy masirasira Eks. 34 : 18 ..........................................
4- andro isehoan'ny lehilahy rehetra eo anatrehan'i Jehovah ............................................
5- andro sy ny alina nijanonan'i Mosesy teo anatrehan'i Jehovah tany an-tendrombohitra ..........................................................................................
6- boky ao amin'ireo atao hoe: "sokajim-boky tantara".......................................................
7- teny hoe: "fiadanana" ao amin'ny Baiboly ......................................................................

**Valiny** : 3 -2 na 3 -7 -3 -40 andro sy 40 alina -183.

## Arahabaina

*"Ary Jehovah Andriamanitra nanao hoe : tsy tsara raha irery ralehilahy, dia hanaovako vady sahaza ho azy izy."* Gen.2. 18

- Rakotoarisoa Andriamihaja Tsiory sy Randriamampianina Landy Fanomezana
- Randriamihamintsoa Raoly Patrick sy Rakotoniaina Rojotiana

## BATISA

« *...dia nisokatra ny lanitra, ary ny Fanahy Masina nidina teo amboniny…* » Lio. 3. 22

- Rakotonantoandro Miahy Jaydan
- Randriamahefa Ilo Ny Aina Tsirofo
- Michel Ambinintsoa Abby
- Rajemiarimiraho Henintsoa Niaina Anaïs
- Rasoamaromaka Ashley Grâce
- Rasatandrianombana Iriko Matla Fandresena

## Fiononana

*« Fa Izaho mahalala ny hevitra iheverako anareo, hoy Jehovah, dia hevitra hahatonga fiadanana, fa tsy loza, mba hanome anareo fanantenana ny amin'ny farany… »* Jer. 29. 11

- Rabetsivoh Razoarisoa Oilivololona
- Lalao Vaonomenjanahary Micheline Lucie
- Ranorosoa Alice

## TONONKALO

### Mitoria ny Filazantsara

Mitsangàna, mandehana raiso re ny sabatrao
Entinao miady sy mandresy ireo fahavalonao
Dia mijoroa hatrany, fa aza avelanao ho tara
Izany dianao, fa torio ny Filazantsara
Ny Nosy Madagasikara.

Dia sahia miteny, fa aza avelanao hangina
Ireo hira fiderana sy ny asa fitoriana
Mirosoa hatrany, dia tanteraho izay anjara
Ny fampielezanao ny filazantsara
Eto Madagasikara.

Mafy anefa ny ady atrehinao
Nefa matokia, fa ny Tompo mombanao
N'aiza na aiza misy anao
Ny Tompo irery ihany, no tena aronao
Mandehana ary ! Tohizo hatrany re dia
Torio, torio hatrany Jesoa Kristy.

Koa miaingà, aza malaina, mirosoa hatrany
Dia lazao ireo tsy mino, ambarao ho ren-tany
Efa akaiky anie ny andro, izay hiavian'ny Tompo
Koa mandehana re vonjeo, ireo miaina anaty loto
Ny Tompo anie hanome anao ny tsara
Izay rehetra vitanao, dia hipetraka ho tantara
Ho an'ny Zanaka amam-para.

Mandehana ary torio ny Filazantsara
Na eny an-dalambe, na any anaty fiara
Koa mahereza ary matokia
Ny Tomponao anie hitantana ny dia
Ho anao mandrakizay doria.

***R Gervais SLK***

## MBA SAINO

### Fafao ny trano

- Lita a ! Andeha, lehitsy, fafao kely ny trano a !
- Yôôô ! Izao dia izao e !
Afaka fotoana fohy :
- Ndriiy ! Toa mbola maloto ihany ity ?! Lita a ! Nofafan'ilahy ve ity trano ity ?
- Efa nofafako io, ry Dada a ! Vao teo aza aho no nampirina ny kifafa !
Saika hanohy hibedy azy aho, kanjo nijanona. Hay moa ny "*HAMAFA ny trano*" no naniraha hako azy, fa tsy ny "*HANADIO ny trano*" ! Zava-dehibe ny miasa. Saingy mety ho very maina izany raha tsy fantatra ny antony anaovana azy, na ny vokatra andrasana aminy, na ny tanjona tiana hahatongavana.

***Rabekely***

# Nofy ho fandresen'ny fanavaozana

### Androm-pahavelomana lavitry ny fahafatesana

"*Fa izay tarihin'ny Fanahin'Andriamanitra no zanak'Andriamanitra.*"- Romana 8:14

Tsy dia lavitra loatra ny fiainam-pandresena, akaiky dia akaiky toa vadin-koditra mihitsy aza. Tsy mila hazakazaka lavitra ezaka "*marathon*", fa tahaka ny mioty voankazo na voninkazo ihany izay rehefa hita fa mahasoa mahafinaritra, tsy mahafaty, dia raisina am-pitandremana tsara, mba tsy hianjerany na ho tapa-taho.

Ny voankazo tahaka ny paoma, amidy eny antsena ankalamanjana, dia matetika, tsy iotazana amin'ny faharesen-dahatra. Tsy omena lanja izy ireny, fa ireo mianjera amin'ny tany no entina amidy. Dia ny mpividy koa tsy rototra, fa mividy na dia mahafantatra izany aza. Tsy gaga raha voankazo misy fariparitra fianjerana, na tsindrin'ny tanana, na poritry ny kesika fitondrana azy, no ifanakalozana.



Fandraisana fitiavana

Fa fitiavana tsy mbola misy toy izany i Jesoa. Izy manolotena sy manome tsirom-piainana tsy lany, tsy misy pentina, tsy manan-kilema. Migoka ny ràny isaky ny Fandraisana ny Fanasan'ny Tompo ny mino fa tsy mety leo. Fitoniana, fiadanana sy hery no azo eo am-pandraisana, fa koa eo am-pialana eo. Tsy voasana, tsy kikisana na zaraina fa atelina tsy misy faikany ny vatana sy ny ràn'i Jesoa.

Mahafaka hetaheta sy hanoanana ara-nofo i Jesoa Kristy. Tsy mampijanona ao anatin'ny fahandevozan'ny tsi-fahafahampo. Velona tsy laitry ny fahafatesana ny mino, misotro (mino) ka mandray ny fitarihan'ny Fanahy. Tsy manan-kery intsony ny fakam-panahy amin'ny endrika maro ara-pahafatesana.

Fisarahana, fiandaniana, fandrafiana, fivarotam-panahy, fanenjehana, fandavoana ny hafa sy ny tahaka izany, dia vokatra ao anatin'ny tontolon'ny maty. "*Fa raha velona arakany nofo ianareo, dia tsy maintsy maty; fa rahany Fanahy no amonoanareo ny asan'ny tena dia ho velona ianareo.*" - Romana 8:13.

### Fifidianana mbà tsy hahalany ritra

Fotoam-pihavaozana sy fanavaozana ny taona 2024, mahakasika ny sampana, sampan'asa, asa sy fikambanana. Miaina fifidianana diakona koa ny fiangonana tsirairay. Antso eroa, antso ery, samy mihaino ny antson'Andriamanitra.

"*Ary izay notendreny no nantsoiny koa; ary izay nantsoiny no nohamarininy koa; ary izay nohamarininy no nomeny voninahitra koa.*" - Romana 8:30

Toa olona mitondra satroboninahitra no fahita ny olom-boafidy, sy ny olom-boatendry mandeha araka ny Fanahy. "*Araka ny voasoratra hoe: Fa noho ny aminao no namonoana anay mandrakariva; Toy ny ondry hovonoina no fijery anay. Kanefa amin'izany rehetra izany dia manoatra noho ny mpandresy isika amin'ny alàlan'ilay tiantsika.*"- Romana 8:36-37

Mamporisika sy mampiorina ny fitiavan'Andriamanitra. Tsy azo araraotina kosa anefa. Ny henjehina noho i Jesoa dia tsy mitovy amin'ny henjehina noho ny fandranitana sy fanandratana ny tena. Mamono ny voninahitra ny fametrahana ny tena ho voalohany manoloana an'i Jesoa. Ny fandresen-dahatra fa voafidy dia tombontsoa. Araraotina ahazoana rivotra madio sy hery tsy hay tohaina ny fotoam-panavaozana, taona raisina, ekena ary apetraka ho tarihan'ny Fanahin'Andriamanitra.

"*Tsy ianareo no nifidy Ahy, fa Izaho no nifidy anareo ka nanendry anareo mba handeha sy hamoa, ary mba haharetan'ny vokatrareo.*"-Jaona 15:16a



Miray miorina

Tsy ho nofy intsony ny hahita fifarimbonana anaty sampana tsirairay, ary samy ho finaritra ny mino, hahita ny fifanomezan-tanana sy fifamenoana, iarahan'ny sampana samihafa miaramiasa, mifanohana mifampiorina ara-pinoana, ka miara-paly isaky ny misy vokatra azon'ny fiangonana, iraisana na isan-tsampana.

***Jocelyn R.***

## Fintina toriteny
VOLANA MARTSA

### MANORONA NY FANEKENY NY TOMPO

**Alahady 31/03/2024**
**Ny Marka 16: 1- 8 no nakàna ny hafatra.**

Hafatra 2 no raisintsika amin'izany :

*1- Jesoa Kristy Ilay nitsangana tamin' ny maty dia NANDRESY.*

- Na inona na inona ozona, na inona na inona endri-pahafatesana eo amin' ny fiainanao, i Jesoa manala anao anaty haizina, manangana ny lafim-piainanao rehetra, ka mampandresy anao.
- Tsy misy intsony tokony hitokiantsika hery hafa fa i Jesoa no Fiainana sy Fandresena ho antsika. (Aza manao toy ireo vehivavy nihazakazaka tany amin'ny fasana).

*2- Jesoa Kristy Ilay nitsangana tamin'ny maty dia MANIRAKA.*

- Ny hery nitsanganan'i Jesoa tamin' ny maty dia hery maniraka, manosika anao hitory izany filazantsara izany amin'ny hafa.
- Tsy amin' ny fiziriziriana sy fahatokian-tena anefa no hanaovana izany, fa mila MIHAONA amin'ny Tompo isan'andro : hanovozana hery, hahazoana fijery vaovao, handraisana toromarika.

**Toriteny anio Alahady 24/03/2024**
**Salamo 16:8 - Jesoa no tena lazaina eto.**

Na dia niatrika fahafatesana any Jerosalema aza i Jesoa, dia tsy nangozohozo.
Nihoby ny olona rehetra nanao "Hosana" rehefa nandalo i Jesoa.
Tsy isika irery no mangataka zavatra amin'i Jesoa, fa i Jesoa koa dia mitaky zavatra amintsika.
Rehefa nankato Azy ny zanany, i Jesoa dia nandresy ny fahafatesana ka nitsangana tamin'ny maty.
Isika dia tokony ho Olombaovao sady mihavao hatrany.
Ny fiainana tsy maintsy misy olana, fa aoka isika tsy hangozohozo.
Mihibo amin'i Jesoa ny fianantsika amin'ny lafiny rehetra, mifototra fa tsy mihozongozona.
Manana fifaliana, fankatoavana hanatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra.
Nirahina ireo mpianatra naka ilay zanaboriky, tsy nisalasala ireo mpianatra nandeha.
Atolory an'i Jesoa ny fiainanao, fa ataony mihoatra noho izay heverinao io fiainanao io.
Torio amin'ny hafa ny filazantsara, mampifandray ny tia sy ny manina izany (Jesoa sy ianao).

*Ny mpitandrina Ramambasoa Laurent.*

***Alarobia 20 Martsa, fanompoam-pivavahana fandraisan-tanana ny Mpitandrina RAVALOSON mianakavy eto amin'ny Fitandremana Ankadifotsy.***

Indro zaraiko amintsika ny hafatra tamin'izany izay nalaina tao amin'ny Salamo16:8 "*Ataoko eo anatrehako mandrakariva Jehovah, fa eo ankavanako Izy, ka dia tsy hangozohozo aho*".
Ity Salamo ity dia mampiharihary ny fahatokiana an'Andriamanitra.
Andriamanitra dia tena mitia ny olony ary mijery ny olony.

Hafatra 3 no raisintsika amin'izany :

*1- Andriamanitra dia mijery antsika.*

Eo amintsika foana ny mason'Andriamanitra ary hitany foana izay manjo ny mpanompony.
Tsarovy fa n'inona n'inona miseho eo amin'ny fiainantsika, dia tsy irery isika, tsy kamboty, ary tsy miaritra ny mafy satria eo alohantsika foana Andriamanitra.
Noho izany, mitandrema tsara amin'ny zavatra ataontsika, ry fiangonana, fa eo ambany mason'Andriamanitra hatrany isika.

*2- Eo ankavanantsika Andriamanitra.*

Tena miaro, manolo-tsaina ary mikarakara Andriamanitra.
Noho izany, mila manapa-kevitra isika fiangonana ho tena eo ankavanany mandrakariva.

*3- Inona no vokatr'izany?*

Rehefa ataontsika eo anoloana sy eo ankavanantsika Andriamanitra, dia tsy hangozohozo isika.
Tsy mihontsona isika n'inona n'inona mitranga eo amin'ny fiainantsika.

Noho izany, ho antsika fiangonana, raha tsapantsika fa mijery sy akaiky antsika Andriamanitra, dia aoka isika hisaotra sy hidera Azy.
Amen

*Ny nitondra ny hafatra dia ny Prezida synodaly RABETOKOTANY Miarilaza Andriamialy.*

**Alahady 17 Martsa, nalaina tao amin'ny Asan'ny Apostoly 3:22-26**

*Contexte : Petera sy Jaona avy nanasitrana lehilahy malemy.*

Ny finoana sy fahatokiana an'Andriamanitra no fanomezana sarobidy omen'ny Tompo antsika.
Inona àry no andrasan'Andriamanitra amintsika raha fantatsika fa izao no andron'i Jehovah ?

*1- Ny andraisantsika sy anekentsika fa i Jesoa no Tompo sy Mpamonjy eo amin'ny fiainantsika.*

Aza misalasala intsony fa mazava ny asan'ny Tompo amintsika.
Maneke Azy fa Izy irery ihany no mamangy antsika ary mitondra antsika amin'ny famonjena.
Mbola manatsotra ny tanany amintsika Izy ka henoy ny feony.

*2- Mibebaha mba handraisana famelan-keloka sy fitahiana.*

Mitadiava an'i Jehovah dieny mbola hita Izy, fa ny famelan-keloka ihany no ahafahantsika mianoka ny fahasoavan'Andriamanitra.
Noho izany, mialà amin'ny ratsy ary sokafy ny masontsika fa i Jesoa Kristy ihany no lalantokana hitondra antsika ho amin'ny famonjena.
Amen

**Alahady 10 Martsa, nalaina tao amin'ny Eksodosy 6 :2-8**

Ny zanak'Israely tao anaty fahoriana no ambara eto, ka novonjen'Andriamanitra.
Fihetsika 3 nataon'Andriamanitra no zaraina eto raha mamerina ny fanekeny izy.

*1- Andriamanitra manambara ny tenany.*

Averiny foana eto hoe "Izaho no Jehovah".
Anehoan'Andriamanitra izany fa tsy miova Izy, tsy mivadika ary eo akaikintsika mandrakariva.
Koa tsarovy fa fanomezan-toky antsika izany, fa hiady ho antsika hatramin'ny farany Izy.

*2- Mampahatsiahy ny fanekena izay efa nataony Izy.*

Tany Kanàna no fanekena nataon'Andriamanitra tamin'ny zanak'Israely ary tanteraka izany.
Ho antsika kosa dia fiainana mandrakizay no ampanantenain'ny Tompo antsika.
Koa ndeha àry isika hitodika ary hibanjina an'i Jesoa Kristy fa Izy ihany no lalana hitondra antsika amin'izany fiainana mandrakizay izany.

*3- Andriamanitra vonona hanatanteraka ny fanekena izay efa nekeny.*

Ny zavatra rehetra izay ataon'Andriamanitra dia hanaporofony fa tena tia Izy ary asehony izany.
Teto dia nanafaka sy namonjy ny zanak'Israely Izy.

Noho izany, raha mandalo ady sarotra isika, dia matokia fa tsy hamela antsika irery Andriamanitra ary tsy mivadika amin'ny fanekeny Izy.
Amen

**Alahady 03 Martsa, nalaina tao amin'ny Lioka 1:67-79**

Ampahatsiarovan' I Zakaria antsika eto ny fanatanterahan' Andriamanitra ny Teniny fa marina amin'ny fampanantenana ataony Izy.
* *Andriamanitra mihazona ny fanekeny :*

*1- Amin'ny fitsinjovany ny olony.*

Ny fahoriana sy ny aizina no manarona ny fiainantsika, fa Andriamanitra mitondra fahazavana avy any ambony.
Tsy mamela antsika ho irery Andriamanitra.
Noho izany, aza alaim-panahy ho resy, fa ny Andriamanitsika dia Andriamanitra mahatoky ary mitsinjo antsika hatramin'ny farany.

*2- Hanafaka ny olona amin'ny fahavalony.*

Ny mpanompon'Andriamanitra dia tsy ilaozam-pahavalo.
Matokia anefa fa mihazona sy mampandresy ary manafaka antsika Izy.
Ary arakaraka ny ahaizantsika misaotra an'Andriamanitra no hitahiany antsika.
Noho izany, aza mba mitsangana ho fahavalon'Andriamanitra, fa mampilentika ny fiainantsika izany.

*3- Manao izay ahafahany manompo an'Andriamanitra tsy amin-tahotra sy fahamasinana ary fahamarinana.*

Tian'Andriamanitra hanompo Azy amin'ny fahasahiana isika.
Fanompoana madio, tsy arahim-paharatsiana, fa amin'ny fo feno fitiavana.

Koa aza laniana amin'ny zavatra tsy mahasoa ny fiainantsika, fa ataovy zava-dehibe ary tanteraho am-pifaliana hatrany ny fanompoantsika Azy.
Amen

*Ny nitondra ny hafatra dia Pasteur RAVALOSON, FJKM Ankadifotsy.*

TENY FIAINANA



***Fa maizina ianareo fahiny, fa efa mazava ao amin'ny Tompo kosa ankehitriny ; mandehana tahaka ny zanaky ny mazava.***
Efe. 5:8

**> VOLINTSAINA**

## Miitatra ny loka

Iaraha-mahita fa sarotra ny fiainana ankehitriny, ambolena ao anatin'ny sain'ny olona ankehitriny anefa ny hoe : vola haingana sy mora azo. Saiky isaky ny firaisam-pokontany dia misy toeram-pilokàna amin'ny endriny isan-karazany. Marobe no voasarika hanankina ny fiainany amin'ny lalao kisendrasendra sy tsapa vitana : soavaly, akoho, baolina,... Ary tena mivelona amin'izany mihitsy. Aiza ho aiza ny fijoroan'ny fiangonana dia ny Kristianina tsirairay izany ?

*Mika 2: 5 "Koa tsy hisy aminao hanenjana famolaina akory hanaovana filokana ao amin'ny fiangonan'i Jehovah".*

***fifiav***

**> PERIKOPA APRILY**

## Manazava ny mpino ny Tompo

***Eksôdôsy 13. 17– 2 ;***
Jaona 21. 1–14 ; Asa 26. 12–18

***Alahady 14 Aprily***
Salamo 43. 1–5 ;
Jaona 20. 11–18 ; Titosy 2. 1–5

***Alahady 21 Aprily***
Isaia 60. 18–22 ; Lioka 11. 33 – 36 ;
Efesiana 5. 8–14

***Alahady 28 Aprily***
Genesisy 21. 12–21 ; Matio 19. 13–15 ; Hebreo 12. 7–11

**FAFANA**
Miseho isam-bolana
Mpandrindra :
ANDRIANARISON Veronica
RAHAINGOMALALA Sidonie
Komity fanoratana :
RAZAFINDRANGALY Ninie
RAKOTOARIVELO Tojo hery
RAZAKA Ianjaniaina
RAMARO Rojo
RASOAVELOSON Jocelyn
RANDRIANASOLO Haja
ANDRIANTSILAVO
Harinjaka Mampianina
RAHANITRAMALALARISOA
Ralantoharimanana
RAVELOARIJAONA Fanja
ANDRIANARIJAONA
Olimalala Livaharisoa
Malala Andriniaina
RAVELONARIVO Harilalaina
ANDRIANTSOAMIHAMINA
RATSIMATAHOMANANANini
RAKOTOMALALA Rado
RAKOTOSON Tovohery
RAMAROSON Satry
RATIARAY Sahoby
**Fanitsiana Tsipelina :**
RATSITOARISON Hanta
**Rindra ara-takelaka :**
RANAIVOSON Haja
**Mailaka :**
fafanagazety@live.fr
Tél. : 034 84 497 64
**Printy :**
Imprimerie RAJAONARIVONY
**Adiresy :**
Lot IVN 50 A
Ankadifotsy - 101 Tanà
GSM : 033 14 281 27

# Ireo kandidà diakona Lehilahy

TOHINY

41 RAMAHERIJAONA Marco Jenny
42 RAMAHERY Mampiononarivelo Solofo
43 RAMANANARIVO Mamy Emile
44 RAMANANKANDRASANA Jean Claude
45 RAMANANTSOA Richard
46 RAMBELOSON Aina Zo Harilala
47 RAMBONIARIMANANA Gervais
48 RAMIARAMANANA Mandimbisoa Tahiry
49 RAMILISON Harifidy Janset Alin
50 RANAIVO ANDRIAMIHAMINA Haja Nirina
51 RANAIVOJAONA Rivosoa Zolalaina
52 RANAIVOSON Haja Solo
53 RANDRIAMANANTENA Hary Tiana
54 RANDRIAMARONJAKA Heriniaina
55 RANDRIAMBOLOLONA Andrianarison
56 RANDRIAMIADANA Fenomanana Jean Claude
57 RANDRIAMIHANTAMALALA Gilbert Rakotomena
58 RANDRIANANTENAINA Andriamihanta Hajasoa
59 RANDRIANARIMANANA Andry Ny Aina
60 RANDRIANARISOA Herimamy Bernardin
61 RANDRIANARISOA Mamy
62 RANDRIANARISON Henri
63 RANDRIANARIVO Herisoa Hervé
64 RANDRIANARIVONY Gilbert
65 RANDRIANARY Lantonirina Rakotovao
66 RANDRIANASOLO Haja
67 RANDRIANASOLO Tojo Henintsoa Thony Augustin
68 RANDRIANATOANDRO Tiana Lovasoa
69 RANDRIANINDRIANA Rojo Lovasoa
70 RANDRIANTSIZAFY Rakotomanana
71 RANDRIATSARAMBOLOLOMANANA Hajason Mamy
72 RANJAKAVOLA Ny Aina
73 RASATANDRIANOMBANA Andriantsoarijaona
74 RASATANDRIANOMBANA Samoelson Guy
75 RASIKINDRAHONA Rivo
76 RASOJIVOLA Eugène
77 RASOLONJATOVO HeryAndriamanjato
78 RATOVELO Andri'Navalona
79 RATRIMOMANANA Rafaralahy
80 RATSIMATAHOMANANA Landy Lalaina
81 RATSIMBA RAZANAMAMPANDRY Tafika
82 RATSIMBAZAFY Ravo Nomenjanahary
83 RATSIMBAZAFY Simon Harinaivo Ravoavison
84 RAVALISON Miharimbola Zahonoany
85 RAVELOJAONA Razafindrasamy Tokiniaina M.
86 RAVELONARIVO Andriniaina Herinjaka
87 RAZAFIMAHATRATRA Michel Andrianaly
88 RAZAFIMIARATSIALONINA Heritiana
89 RAZAFINDRAKOTO Andrianirina
90 RAZAFINDRAKOTO Herisoa Maminiaina
91 RAZANAJATO NIRINA Harimampionona Fidy
92 RAZANAJATOVO Solofoniaina Josoa

## NY FON'OMBY na ZATY
### (Pomme Cannelle na coeur de boeuf)

**Ireo otrikaina sy singa misy ao amin'ny "pomme cannelle" :**
A – B1 –B2 –B3 – B5 – B6 –C – CALCIUM – CUIVRE – FER – MAGNESIUM – PHOSPHORE – POTASSIUM –SELENIUM – ZINC …

**Ireo soa azo avy amin'ny fihinanana "pomme cannelle":**
• Manampy ny fikorianan'ny rà
• Miady amin'ny fahatapahan'ny lalandrà
• Mampidina ny tosidrà
• Miady amin'ny mety ho endrika homamiadana
• Manampy ireo voan'ny soritra "asthme"
• Manatsara ny hoditra
• Mampitombo sy mampatanjaka ny hery fiarovana
• Tsara ho an'ny fahasalaman'ny maso
• Manamafy ny taolana
• Manampy amin'ny fandevonan-kanina
• Miady amin'ny fitohanana (constipation)
• Manala ny menaka ao anatin'ny rà
• Manamaivana amin'ny aretina sarotra tsaboina
• Manampy ny fanarahamaso ny lanjan'ny vatana
• Mampavitrika ny sela ao amin'ny vatana
• Miady amin'ny rarintsaina (stress)



Fotoanan'ny "pomme cannelle" izao ka araraoty ny fihinanana azy, mba hitondra fahasalamana ho anao. Tombontsoa manokana amin'ny fihinanana ny "pomme cannelle" ny hery sy hanitra omeny, ary ny tsirony malefaka.

*Fanja Raveloarijaona*

## Fianjaika

## Ny poketra

Ireo karazana poketra azo entina amin'ny fotoana isan-karazany no entina amintsika vehivavy eto anio.

***R.Sidonie***









